# 2017 CAMEROUN, dingana Postulat : fanombohan'ny taona vaovao !

**Ny Alahady 15 Ôktobra,** Masera Mamy Viviane Razafintsalama , Lehibe Reziônaly, nihazo ny kôminôte-nay taty Bambui ho an'ny fidiran'ny tanora ao amin'ny Postulat.

**Ny Alatsianainy 16 Ôktobra,** no nandraisana an'i Judith tao anatin'ny fotoam-bavaka narahin'ny sakafompianakaviana.

… dia nankalazainay tamin'io andro io ihany koa ny tsingerin-taona nahaterahany satria nifanojo tamin'io !

**Ny Talata 17 Ôktobra**, nitohy ny fety sy ny fifampizarana tanatin'ny firahalahiana noho ny famangiana tsy nampoizina nataon'i Lehibe Prôvinsialin'ny momperan'ny Fo Masin'i Jesoa avy any Madagasikara izay nankalaza ny Sorona Masina

Hafaliana sy fisaorana an'Andriamanitra ny anay rehetra, relijiozy sy postulantes ! Ankininany amin'ny vavaka ataonareo ity dingana vaovao ity…













